


**Marc Randrianisa sy Sahondra. Antitra vao miadaladala marina !**

Vao nandre ny mpankahalala an'ny Filoha Andry Rajoelina rehetra fa hampian'ny mpamatsy vola mahazatra izy amin'ny praograma fampandrosoan'ny firenena malagasy narosony, dia niaka-peo daholo ny resy lava, ary namorona fivoriana tampoka teo izy mianakavy.




Tsy diso anjara ilay Marc Randrianisa, papan'i Tiavo Randrianisa izay voatery mizaka io anarana io tsy fidiny. Soa fa hanambady dia « née Randrianisa » sisa raha ilaina, ity vehivavy sangany amin'ny haiady taekwondo, ka tafiditra ao amin'ny ekipan'ny Firenena frantsay amin'ny Lalao olympika ao Paris amin'ny 2024.

Mahagaga  mihitsy ny fehitsiky ny rainy rehefa injay taitaitra na misy manaitra.  Sa efa lany

henatra ? Fa ianareo hoe naman'ingahy Marco (izany koa no fiantso azy) aloha dia tsy maintsy ho fantatra ary ho loza no hiandry anareo satria resaka ATTENTAT sy COMPLOT anie no tiany atao, dia ny fiainanareo mihitsy no ho feno tebiteby e !



Tao anaty iray volana mahery dia namokatra tokoa ity Marco mpamono lolo ity !

Ny an'ity Marc Randrianisa papan'i Tiavo, mpamono lolo ity (hatreto) moa dia adin'ny kanosa no ampiasainy dia ny vidéos afahany miteny izay tiany no kapoakany. Tena tsy misy mandeha amin'izay laonina mihitsy fa tena kinaolo lalin-tsaina marivo salosana fotsiny ihany. Vakio tsara anie ny anisan'ny voalazany ao anatin'ny vidéo farany nataony e :




« (…) *Aleo fantany fa miketrika isika. Hanala eo isika, handaka an'ireo isika, hanababo an'ireo isika. Satria izao : izay tapak'isika ao. NA ATTENTAT io NA COMPLOT io. Satria, inona amin'izay ary no tokony ho atao. Raha ny 90%-ny eritreritry ny vahoaka* (???) *dia miala i Rajoelina. Avy eo manaraka ny hoe miala Ranona, miala Ranona, sambory Ranona… a a a, gadrao Ranona. Ireny manaraka ireny.*

*Fa izaho tsy d'accord mihitsy hoe amin'ireo avis an'ireo olona ireo, tsy misy tsy miteny hoe izao no izy. Kanefa raha ny vava aloha, efa ela i Rajoelina no lasa, sy amin'ny facebook an : efa ela i Rajoelina no lasa. Tsy mampiontsana an'azy mihitsy ny fitabatabana lavabe sy ny atao ao amin'ny facebook. Fa izao kosa, raha mihaona ireo olona tokony hihaona dia milaza fotsiny aho*

*hoe zava-doza ho an’ny foza orana…*

*Maro ny fandrebirebena fa fantaro fa « on dégage » Rajoelina sy ny forongony. Izay : tsy hisy hoe hifampiresahana izany, fa manome fotoana anareo aho. Ho lazaiko ihany fa andro sabotsy sy alahady. 48 heures. Mifanome hevitra isika, hifandinika dia manapaka hevitra. Inona no raisina ? Tsy misy hoe organisation ana manifestation na hoe fihetsiketsehina an-dalambe sy ny sisa. Fa fanapahan-kevitra : inona no atao ho an’i Madagasikara ?*

*No toerana, ho lazaiko anareo ihany fa izao fotsiny : 1h30 miala an’i Paris. Isika izay handeha, dia miala eo amin’ny Porte d’Orléans, miara-miainga. Izaho tsy miteny hoe miara-manonja fa miara-miainga mitondra fiara* (samy mandoa ny lasantsy izany ? ahahaha*).*

*Ny toerana handehanana tsy ho lazaiko eto raha tsy eny an-dalàna. Io tsy resaka « discrétion » na hoe resaka « sécurité »fa eo no hatomboka ny fifampitokisana sy ny, a a a, fandevantenan’ny tsirairay. Ny « départ », sabotsy dia miverina alahady. Ny départ sabotsy samy mitondra sakafo dia iny no zaraina* (???)*. Avy eo ny fatoriana misy fikarakarana ; ny sakafo misy fikarakarana ny alahady maraina dia atoandro. Dia avy eo mody any aminn’y tokan-tranony avy aminy efatra* (…) *».*

Saika adika teny frantsay ireo rediredy ireo nefa avelao amin’izao, ho hitan'ny havany eo, satria tsy ho an’ny vazaha ity lahatsoratra ity fa ho an’ny Malagasy eto Madagasikara. Fa mazava : tsy milamin-tsaina mihitsy ity vadin’i Sahondra sy rain’ny Tiavo ity. Marina e ! Mazotoa anareo rehetra izay hazoto handeha amin’izany toerana akaiky ny Paris izany.


Marc Randrianisa, cerveau de l'attentat au Marais Masay
Déjà condamné
à 3 mois
de prison en France !


MADAGATE.com


HELP! LE PRESIDENT
de MADAGASCAR A RAJOELINA
PROFITE de La PANDEMIE
COVID 19
POUR S'ENRICHIR
AVEC LES AIDES INTERNATIONALES


HELP! LE PRESIDENT
de MADAGASCAR A RAJOELINA
COVID 19



[illegible]



[illegible]



[illegible]


JACKY & HIS DANCERS
1984

[illegible]


www.madagate.com

[illegible]







**Jeannot Ramambazafy**